Toriteny iombonana ny Sabata 23 Janoary 2024

Mikasika ny Tolo-panafahana ny 29 Mars 1947

## NY FANAFAHANA

Raha ny zavamisy dia tsy mifanalavitra amin'ireo tantara ao amin'ny Baiboly ny zavatra nitranga tamin'ny fiainan'ny Zanak'olombelona indrindra fa ny fiaraha-monina tany aloha ela be tany. Samy nanana ny fanjakany tarihin'ireo mpanjkany ireo taranaka fahizay ka ny fomba mahazatra hampitomboana ny fanjakana; dia ny fanafihana ny fanjakana hafa ary maha lasa babo ny olona ao, sy ny fananany ary ny taniny. Raha ato amin'ny Baiboly dia misy ny tantaran'ireo mpanjaka toy andr'i Nebokadnezara avy any Babilona izay nambabo ny Israelita. Talohan'ny vahoaka Israeliana dia efa niainana izany toe-javatra izany ny firenena maro samy hafa satria efa nisy ireo fanjakana azo lazaina hoe nanana ny maha izy azy tahaka ny Egypta, ireo avy tany antsinana izay fantatra amin'ny anarana hoe Kaldeana, sns ...nanafika ireo osa kokoa noho izy.

Horaisintsika ohatra ny tantaran'i Abrahama; izay azo lazaina fa maro-pahafantatra indrindra raha ny tantara ao amin'ny Baiboly. Avy amin'ny faritra antsinanan'izao tontolo izao no nihaviany, ao Oran'ny Kaldeana raha ny marimarina kokoa. Nifindra nonina tany amin'ny tanin'i kananita izy mianakavy niaraka tamin'ny zanadrahalahiny iray atao hoe Lota. Na i Abrahama na ilay zanadrahalahiny izay niaraka taminy dia samy lasa nanana fananana be taty aoriana; indrindra teo amin'ny ondry aman'osy ka voatery nisara-toerana. Vokatr'izany dia nifindra nakany Sodoma i Lota mianakavy satria toa tsaratsara kokoa eny raha ny fomba fijerin'i Lota azy. Nanodidina an'i Sodoma nefa dia efa nisy mpanjaka maromaro izay efa manana ny tanjaty ihany koa ary alaim-panahy izy ireo haka an'i Sodoma. Araka fanambarana ao amin'ny Baiboly manao hoe: « Ary tamin'ny andron'i Amrafela. mpanjakan'i Sinara, sy Arioka, mpanjakan'i Elasara. sy Kedorlaomera mpanjakan'i Elama. ary Tidala. mpanjakan'ny Goima, dia nandeha izy ireo ka nanafika an'i Bera, mpanjakan'i Sodoma. sy Birsa, mpanjakan'i Gomora. sy Sinaba, mpanjakan'i Adma, sy Semebera, mpanjakan'i Zeboima, ary ny mpanjakan'i Bela (dia Zoara izany). Ary ireo rehetra ireo dia nanao fotoana ka nivory tao an-dohasahan'i Sidima (dia ny Ranomasintsira izany). » Genesisy 14 ; 1-3

Resy moa ny mpanjakan'i Sodoma sy ny namany tamin'io ady io ka lasakobabo. Eo indrindra no tonga tao antsain'i Abrahama ny saina hanafaka ireo vahoaka ireo. Koa dia nanao ny fandaminana rehetra izy hanatanterahana io fanafahana io. Isika rehetra dia mahafantatra tsara fa zava-dehibe ny fanafahana ; na eo amin'ny fiainana ankapobeny izany na eo amin'ny fiainana ara-panahy. Fantatsika tsara ohatra fa Jesosy dia mpanafaka ihany koa. Koa andeha ary isika hijery manokana ny mombamomba ity resaka fanafahana ity, ka avy amin'io tantaran'i Abrahama sy Lota tao Sodoma io no hiaraha-tsika mijery hahafahantsika ihany koa manamboatra ny zava-misy izay atrehintsika.

### I- ILAY FANAFAHANA NOTANTERAHIN'I ABRAHAMA

Ity fanafahana notanterahin'i Abrahama ity dia azo lazaina hoe fanafahana manokana mihintsy, ny antony dia mbola tsy fanjakana matanjaka ny andry zareo teto ka tsy dia mbola nanana ady nato betsaka tahaka ny sasany. Toy izao no fomba filazan'ny Mpanoratra fantadaza Amerikana iray antsoina hoe Ellen White ao amin'ny boky nosoratany mitondra ny lohateny hoe Mpatriarika sy Mpaminanay pejy 124§3 « Tsy hoe nanisy soa ny mponina ihany ilay mpivavaka tamin'i Jehovah, fa lehilehy mahery an'ady koa. Hita miharihary tamin'izay

fa tsy hoe rehefa mpivavaka dia kanosa, ka ny fivavahana dia tsy mahasakana tsy hahery fo, rehefa tsy maintsy harovana ny zon'ny ampahoriana. Ny herim-po nasehon'i Abrahama dia nampely ny lazany teo amin'ny firenena manodidina. »

Tiako ny hifantoka amin'iilay teny hoe herim-po : voambolana faheno etsy sy eroa izy ity rehefa manodidina ny 29 Martsa toy izao: « ireo maherifon'ny firenena »mety ho amin'ny lafiny maro no hahitana izany, fa na izany aza dia ilaina ny maheri-fo, tsy voatery ho amin'ny ady ihany izany fa amin'ny lafiny maro.

Anisany nahafinaritra amin'ity fanafahana nataon'i Abrahama ity dia izy azo lazaina hoe fanafahana mahafinaritra : Jereo ange ny voalaza ao amin'io bokin'ny Genesisy 14 :16 « Ary nampody ny fananana rehetra izy, ary Lota rahalahiny sy ny fananany dia nampodiny koa mbamin'ny vehivavy sy ny vahoaka. » Tena fanafahana tanteraka, rehefa mandinika azy ity aho dia meritreritra hoe raha mba toy izany daholo ny fanafahana misy dia efa azo lazina fa lasa lavitra ny firenenana. Ity toetsaina manome fahafana ity dia zavadehibe tsy ho an'ny fiarahana amin'Andriamanitra ihany fa eo amin'ny mpiara-belona koa, ny toetsaina manararaotra ny hafa dia tsy mahasoa ny firenena, ary ny tokony hipetraka ao am-pon'ny rehetra dia ny hitady izay hahasoa ny mpiara-belona sy ny mpiray firenena, fa raha izany no ataontsika dia misy heviny be lavitra ny fanafahana, tahaka izay niseho tamin'ny andron'i Abrahama.

Eto dia misy fihetseham-po mazava fa ny fitiavana no nanoika an'Abrahama hanatanterka ity fanafana an'i Lota sy ny vahoakan'ny Sodoma ity. Izany no mahatsara ny andraisana lesona avy amin'ity tantara ity. Mahasahana zavatra maro tokoa raha dinihina ny fitiavana raha diovin'ny fanatrehan'Andriamanitra, ny tokony hatao dia izao amin'ny zavatra rehatra dia ny fitiavana no tokony ho antony manosika.

## II - IREO FANAFAHANA HAFA AO AMIN'I BAIBOLY

Raha mijery sy mandinika ireo karazana fanafahana ao amin'ny Baiboly isika dia tsy hanana fotoana ho amin'izy rehetra fa andeha hijery fanafahana roa ihany isika nefa hanampy antsika amin'ny fahalalana ny sitrapon'Andriamanitra.

Raha niteny tamin'i Mosesy Andriamanitra hoe : « ary hoy Izaho: Hitondra anareo hiakatra Aho ho afaka amin'ny fahoriana aty Egypta ho any amin'ny tanin'ny Kananita sy ny Hetita sy ny Amorita sy ny Perizita sy ny Hivita ary ny Jebosita, ho any amin'izay tany tondra-dronono sy tantely. » Eksodosy 3 :17

Hitatsika eto tokoa fa fomba hafa indray no nanatanterahan'Andriamanitra ny fanafahana fa tsy tahaka ny tamin'ny andron'i Abrahama izay ady no natao, fa teto kosa dia tamin'ny alalan'ny Fahefan'Andriamanitra no nanafahana ny vahoakan'ny Isiraely.

Ary izao no voalaza  ao amin'ny Deotornomia 7 : 17-19 mano hoe: « Raha hianao hanao anakampo hoe: Maro noho izaho ireo firenena ireo, ka hataoko ahoana no fahay mandroaka azy? dia aza matahotra azy hianao; fa tsarovy tsara izay nataon'i Jehovah Andriamanitrao tamin'i Farao sy ny Egyptiana rehetra, dia ny fizahan-toetra lehibe, izay efa hitan'ny masonao, sy ny famantarana sy ny fahagagana sy ny tànana mahery ary ny sandry nahinjitra, izay nitondran'i Jehovah Andriamanitrao anao nivoaka; fa toy izany no hataon'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny firenena rehetra izay atahoranao. »

Raha fehezina ireo teny ireo dia milaza fa avy amin'Andriamanitra irery ihany ny fanafahana na amin'ny lafiny rehetra. Maro ny zavatra mampanahy ny olombelona fa milaza eto Jehovah

hoe : aza matahotra…. Tsarovy izay efa nataon'i Jehovah Andriamanitrao. Ary izay no mahatonga ahy sy ianao manatanteraka fotoam-pivavahana ankehtriny dia ny fahatsaiarovana Azy indrindra ny amin'ireo soa rehetra nataony ho ahy sy anao ary ny firenena iray manontolo.

Manamafy an'izany ihany koa ny fanafahana faharoa izay tiako isarihana ny saintsika dia izay nitranga tamin'ny andron'i Estera, tadidintsika ilay fanamelohana nataon'i Hamana hamelezana ny vahoakan'Andriamanitra, inona no nentin'i Estera mba hahatongavan'ny fanafahana : Vavaka fifadian-kanina, toy izao no voalazan'ny Tenin'Andriamanitra manao hoe: « Dia nampitondra valiny ho any amin'i Mordekay indray Estera ka nanao hoe: Mandehana Ary, vorio ny Jiosy rehetra izay hita ato Sosana, Ary mifadia hanina noho ny amiko, ka aza mihinana na misotro hateloana na andro na alina; Ary izaho sy ny ankizivaviko hifady toy izany koa, Ary amin'izany no hidirako ao amin'ny mpanjaka, na dia tsy araka ny lalàna aza; koa raha tàhiny maty aho dia maty. » Estera 4 :15,16

Raha ity tantaran'i Estera ity no jerena dia azo atao ny milaza fa avy amin'Andriamanitra tanteraka no tena misy ny fanafahana marina. Koa raha hiresaka fanafahana isika dia tokony tsy hiala amin'izay zavatra efa nataon'Andriamanitra ary hametraka ny fitokisana tanteraka amin'izay fantany fa mahatsara antsika.

**III - NY TSARA HATAO RAHA MOMBA NY FANAFAHANA**

Raha hiverenatsika ny tamin'ny tantaran'i Abrahama ao amin'ny Genesisy dia hita eto fa nahazo ny fandresena tokoa izy sy ireo ekipany. Koa rehefa niverina izy ireo dia nanantona an'i Melkizedeka izy araka izay voalaza ao amin'ny Genesisy 14 :18-20 manao hoe : « Ary Me1kizedeka, mpanjakan'i Salema, nivoaka nitondra mofo sy divay; ary izy dia mpisoron'Andriamanitra Avo Indrindra. Dia nitsodrano azy Izy ka nanao hoe: Hotahin'Andriamanitra Avo indrindra anie Abrama, dia Andriamanitra Izay nahary ny lanitra sy ny tany; Ary isaorana anie Andriamanitra Avo Indrindra, Izay efa nanolotra ny fahavalonao teo an-tànanao. Dia nomen'i Abrama azy ny ampahafolon'ny zavatra rehetra. »

Inona moa no tiana hambara, tsotra ihany dia ny fanokanana fotoana hitondrana fankasitrahana an'Andriamanitra. Tena ilaina ny mitondra ny zavatra rehetra eo Aminy, fotoana sarobidy indrindra io fotoana io satria eto dia tsy vitany hoe fankasitrahana an'Andriamanitra ihany fa fotoana nandraisan'i Abrahama tsondrano avy amin'Andriamanitra ihany koa. Ny mpanao Salamo dia milaza hoe : « Sambatra ny firenena izay manana an'i Jehovah ho Andriamaniany, dia olona nofodiny ho lovany. » Salamo 33 :12. Amin'ity tantara tena nisy ity koa dia Andriamanitra manolotra tsodrano no hita eto. Ary amin'izao fotoana manokana ahatsiaronvan-tsika rehetra ny tolona ho fanafahana an'i Madagasikara izao dia heveriko fa soa indrindra raha mahazo ny tsodrano avy amin'Andriamanitra koa ity firenena malalatsika ity.

FAMARANANA

Tsy tambo isaina ireo fidiran'Andriamanitra antsehatra amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona raha ny lohahevitra momba ny fanafahana no voaresaka, ary Andriamanitra rehefa manafaka dia manafaka amin'ny lafiny rehetra tokoa, hoy Jesosy : « Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo dia ho afaka tokoa ianareo » Jaona 8 :36. Misaotra an'Andriamitra isika satria manana izany fahafahana izany ankehitriny, tsy azo odiantsihita anefa fa vokatr'ireo ezaka nataon'ireo Malagasy netanin'ny fitiavan-tanindrazana no nahazahoantsika izany, tsara ho tsarovana tokoa izany. Fa raha ny tsara kokoa dia ny

famaliana ny fanotaniana hoe : **amin'ny fomba manao ahoana no hiainana sy hivelomana ny fahafahana izay efa azo ankehitriny ? ny fomba tsara indrindra tiako hatolotra anareo dia ny fiarahana amin'Andriamanitra mandrakariva. Tiako hitovy amin'ny teny nataony tamin'ny Jakoba fahizany koa ny teny hataony amintsika Malagasy tsirairay avy manao hoe : « Ary hoy Jehovah tamin'i Jakoba : Modia any amin'ny tanin'ny razanao sy any amin'ny havanao ; ary homba anao Aho. Gen 31 :3**

**Amen !!**

Pasitora RAHERIMANANA Nirina Alfred Joseph
Filoha sady Talen'ny Departemantan'ny PARL FMSO